TILY ETO MADAGASIKARA
2018 - 2021
« Ny hoavy no aorintsika »
BP 771 Foyer des Jeunes • Antsahamanitra
mail : foibetily1821@gmail.com
web : www.scout.mg

« Tano ny finoana ho ampinga » efes 6: 16a

# ODK

## Departemanta Olon-Dehibe sy Kalitao

FITANTANANA OLON-DEHIBE

FITANAN-KAJA

KALITAO

FIFANOLANANA araky ny Lalàna (Contentieux - Juridique)

VATA (Vakoka sy Tantara)




Dessin de BP, bondissant au-dessus de l'égoïsme, du racisme, différences religieuses, des luttes de classe et de la mauvaise humeur.

# TENY FANOLORANA

Misaotra an'Andriamanitra isika fa mbola nomeny olon-dehibe manohy ny asa fanohanana ny asam - panabeazana tanterahana eto anivon ' ny fikambanana Tily Eto Madagasikara. Ankasitrahana feno ianareo nijoro sy mbola hijoro ho tohana sy itantanana ny olon-dehibe izay mandray andraikitra samy hafa eto anivon'ny fikambanana.

Ho zoky tokoa anie isika ary hibanjina hatrany ireo ankizy sy tanora beazina ka hanatanteraka ny andraikitra amin'ny fanetre-tena tokoa. Hitazona ny soa toavin'ny fikambanana tsy ho simba, hijoro ho vavolombelon'i Kristy hatrany, hitory ny firalahiana ary ho andrin'ny fianakaviana, ny fikambanana, ny fiangonana ary ny firenena.

Atolotra an'ise ity tahirin-kevitra ity hanampy an'ise amin'ny maha tompon'andraikitra eo anivon'ny departemanta mitantana ny olon-dehibe sy ny Kalitao (ODK)

Mirary soa ary soava tsarà !

**Filoha Jeannette Harisoa (Nenette) – filohan'ny departemanta ODK foibe 2018-2021**
**Sy ny ekipa ODK foibe rehetra**



# IRAKA

- MITANTANANA NY OLON-DEHIBE
- MAMPIHATRA NY KALITAO
- MISOROKA SY MITANTANA NY DISADISA
- FITANAN-KAJA
- VAKOKA SY TANTARA



### FITANTANANA OLON-DEHIBE

Fitantanana mahomby ireo olon-dehibe
Mampandray andraikitra ireo olon-dehibe mahafeno ny fepetra Fampianana ny fianam-bondrona eo anivon'ny ekipa

### FITANAN-KAJA

Miaro ny haja sy ny hasin'ny fikambanana
Misoroka sy mitantana ny disadisa
Mandray ny fepetra raha ilaina

### KALITAO

Fampiharana ny toe-tsaina KALITAO TILY
Firosoana amin' ny GSAT
fametrahana MARI-DREFY
Filalaovana ny Loko Kalitao

### FIFANOLANANA araky ny Lalàna (Contentieux - Juridique)

Misoroka mba tsy hahavoasazy ara-panjakana ny fikambanana
Miantoka sy mitantana ny fifanolanana anatiny sy ivelan'ny fikambanana mifanohitra amin'ny Lalàna velona
Manara-maso ireo hetsika rehetra ataon'ny fikambanana mba tsy hisian'ny fandikan-dalàna

### VATA (Vakoka sy Tantara)

Mikaroka ny tantaran'ny fikambanana
Mikaroka sy mitahiry ny vakoky ny fikambanana

## HIAINGANA

- Fitsipika Fototra MTEM
- Politique GRA OMMS
- Politika Foibe Tily 2018 – 2021

## POLITIKA ANKAPOBENY

Fanomezana sehatra ireo

- Tanora latsaky ny 30 taona eo amin'ny fitantanana
- Ireo Tily vehivavy
- Ireo Zoky tranainy ho tantsoroka

## TANJONA

- Fitantanana mahomby ireo olon-dehibe miasa an-tsitrapo eto anivon'ny Tily eto Madagasikara mba **ho tohana azo antoka** ahazoana manome toky ireo Beazina , Raiamandreny , Fiangonana ary ny Fiaraha-monina fa Fanebeazana azo antoka ny fanabeazana atolotry ny Tily eto Madagasikara.

- Olondehibe mandray andraikitra , mazoto amin'ny asa antsitrapo ataony ary ary mahafeno ny fepetra rehetra (kalitao) hanatanterahiny izany

## ZAVA- KENDRENA 2018 – 2021

- Fandraisana / Fanendrena ireo Tompon'Andraikitra NASIONALY / FARITANY
- Fanofanana mitohy araka ny Filan'ireo Filoha
- Fankasitrahana ireo Filoha nahavita be teto anivon'ny Fikambanana
- Fampivondronana ireo Efa - Filoha ho tohana ho an'ny Fikambanana
- Fananganana TAMBAZOTRA FILOHA TILY
- Fananana antotan'isa mahakasika ny Olondehibe miasa anatin'ny 3 taona

# FITANTANANA **OLON-DEHIBE**

## SEHATRA TANTANINA

Tantanina ao anatin'izao rafitra izao ireo Filoha rehetra :

- Filoha miasa eo anivon'ny Nasionaly
- Filoha miasa eo anivon'ny Faritany
- Filoha TP TEM na Efa Filoha manaiky hiasa ho an'ny fikambanana tsy anaty rafitra

Ka :

- Manaiky antsitrapo araka ny fanehoam-pahavonona izay nataony fa hiasa eo amin'ny Sehatra nasionaly na Faritany
- Manaiky fa hanaja ny rafitra sy ny ambaratongam-pitantanana ary fifampifehezana misy
- Manaiky ny Fifampifehezana misy eo amin'ny Mpiray Dia Nasionaly na Faritany
- Manao asa antselika ho an'ny Fikambanana ka manaiky ny fandaminana rehetra mandritra ny fotoana andraisany andraikitra

## DINGAM-PITANTANANA OLON-DEHIBE

**Eo ampidirana :**

- Fananganana rafitra (organigramme) mazava miainga amin'ny Tanjona sy Zava-kendren'ny Fikambanana
- Famaritana ireo Tanjona isaky ny Departemanta
- Rafitra anaty Depertemanta
- Filàna eo amin'ny olona hiasa
- Fisin'andraikitra
- CV + Fiantohana ara-moraly avy @ Sinoda na APF.
- Dinika iarahana @ FIl DPT - ODK
- Fanendrena avy @ FFB – ODK – FIL DEPT.
- Fitiliana Filam-piofanana araka ny andraikitra
    - Avy @ Fikambanana
    - Avy @ Synaodam-piangonana
- Tetiandro fandraisana andrakitra ( Planning d'intégration et formation)
- Evaluation aorian'ny 3 volana + fanitsiana avy @ Fil Dpt
- Fanamafisana na Famindrana

**Mandritra ny asa**

- Fanofanana mitohy ho an'ny Filoha mandray andraikitra
- Fanaraha-maso ny fanatanterahina ny asa

# FITANAN-**KAJA**

FAMPAHAFANTARANA SY FAMPIHARANA NY FITANAN-KAJA ETO ANIVON'NY TILY ETO MADAGASIKARA

I. Teny fampidirana
II. Ireo endrika fahadisoana tsy azo leferina ka itakiana ny fampiharana ny fitanan-kaja
1- Fahadisoana mitranga mandritra ny hetsika tanterahin'ny fikambanana
2- Fahadisoana mitranga ivelan'ny hetsika tanterahin'ny fikambanana
III. Dingana hatao isaky ny trangan-javatra
1- Dingana arahina
2- Fanapahan-kevitra
IV. Fanatsarana miandalana ny fanabeazana
V. VOA MAHATSIAHY

## I. Teny fampidirana

Ny fikambanana TILY ETO MADAGASIKARA dia fikambanana mitaiza ny mpikambana amin'ny maha-olona feno azy: ara-batana, ara-tsaina, ara-panahy. Isan'ny fototry ny fomba fanabeazana skoto ny fampiainana ny lalàna sy ny fanekena ary miorina amin'io fototra io ny fampiharana ny fitanan-kaja ato amin'ny fikambanana. Noho izany, ny fanitsiana ny tsirairay hiverina hanaja ny lalàna sy ny fanekena sy hitandro ny hajan'ny fikambanana dia manana endrika fitaizana hatrany.

Ny mpikambana rehetra ao amin'ny fikambanana no iantefan'ny fampiharana ny fitanan-kaja, na mibahana aza izany eo amin'ny mpikambana fototra sy ny mpikambana mpanabe. Ny mpikambana tsirairay dia samy masoivohon'i Kristy Tompo, no masoivohon'ny fikambanana amin'ny sehatra rehetra misy azy sy ny toerana rehetra ivelomany. Hanampiana ny tompon'andraikitra isaky ny ambaratonga ato amin'ny fikambanana no antom-pisian'izao tahirin-kevitra izao.

Ny fananana mpikambana mitondra avo ny voninahitra sy ny hajan'ny fikambanana no tena idealy. Tsy ny omby indray mandry nefa no indray mifoha ary ny saonjo iray lohasaha tsy ilaozan'izay hamarara. Koa apetraka ny arofanina ary hatsaraina ny fomba fiasa ahazoana vokatra tsaratsara kokoa.

Ny fizarana voalohany dia manambara ireo endrika fahadisoana tsy azo leferina, ny fizarana faharoa dia milaza amin'ny antsipirihany ny dingana arahina ary ny fizarana fahatelo dia mamaritra ny fifandraisana sy ny fanomezan-danja ny zava-nitranga rehetra ho tena loharanon-kevitra indray hanatsarana miandalana ny fanabeazana ato amin'ny fikambanana.

Inoana fa hamaly ny hetahetan'ny maro izao tondro zotra izao.

## II. Ireo endrika fahadisoana tsy azo leferina ka itakiana ny fampiharana ny fitanan-kaja

Azo sokajiana roa ireo endrika fahadisoana tsy azo leferina ireo:

- Fahadisoana mitranga mandritra ny hetsika tanterahin'ny fikambanana
- Fahadisoana mitranga ivelan'ny hetsika tanterahin'ny fikambanana ka manohintohina ny hajan'ny fikambanana

### 1. Fahadisoana mitranga mandritra ny hetsika tanterahan'ny fikambanana

Tsy feno ireto lisitra manaraka ireto fa isarihana ny sain'ny tsirairay amin'ny endrika mety hisehoan'ny fahadisoana goavana tsy azo leferina

| ZAVA-MITRANGA | TOMPON'ANDRAIKITRA |
|---|---|
| *Lalao manohintohina ny zon'olombelona<br>Ohatra: tsy fanomezana sakafo, fampiasana hery | Ny mpitarika ny hetsika rehetra |
| *Fanaovana VALIFATY amin'ny hetsika iray tanterahana eto anivon'ny ny Fikambanana (totemisation, sedra, fampiakarana ka ampiharana herisetra na sangy mihoatra ny loha | Ny mpitarika sy ny mpampilalao |
| *Fahamamoana, fidorohana zava-mahadomelina mandritra ny hetsika na atrik'asa na lasy... | Ilay mpikambana manatanteraka izany |
| *Fisandohana vola, fitaovana, olona na departemanta ao anatin'ny fikambanana | Ilay mpikambana misandoka |
| *Fangalarana vola, fitaovana na fananana iombonan'ny mpiray fivondronana, na ny sampana, ny fikambanana | Ilay mpikambana mangalatra sy ireo mpiray tsikombakomba aminy |
| *Tsy fanao ary FADY ny mamoaka ny fomba sy ny tarazon'ny fikambanana any amin'ny Facebook | Ilay mamoaka |
| *Tsy fanaovana Fanamiana Tily ara-dalàna rehefa misy hetsika ofisialy: Faritra, Faritany, Foibe, Synodam-piangonana (Filoha, mpiandraikitra, Beazina) | Ilay mpikambana voakasika |
| *Tsy Mipetraka tsara daholo ny marika amin'ny fanamiana rehetra (Insignes) | Ilay mpikambana sy ny mpiandraikitra |
| *Sampana na Fivondronana manatanteraka lasy nefa tsy nahazo fahazoan-dalana | Ny mpiandraikitra – tonia – KP |
| *Sampana na Fivondronana manatanteraka hetsika nefa tsy nahavoaloa LATSAKEMBOKA (FAFI) | Ny mpiandraikitra – tonia – KP |

# FITANAN-**KAJA**

| ZAVA-MITRANGA | TOMPON'ANDRAIKITRA |
| --- | --- |
| *Filoha lahy sy vavy na Mpiandraikitra lahy sy vavy manao fihetsika manafintohina ny manodidina azy (mifampisakambina, mifanoroka, mifampisafosafo, miteny ratsy, mifanompa, mifangala-bady, manao tokatrano maso | Ireo voakasika mivantana (Filoha na mpiandraikitra na Komity) |
| *Mpikambana (Filoha, MP, beazina) manevateva rafitra amboniny | Ilay mpikambana manevateva |
| *Komitim-pivondronana, Ray aman-dreny, tranainy, filoha mampiasa hery amin'ny mpiandraikitra na beazina. | Ilay mampiasa hery |
| *Sampana manimba fananan'olona: voly, biby fiompy...mandritra ny lasy na fisindana | Ny mpiandraikitra ny sampana |
| *Mpikambana manimba tontolo iainana (manary fako an-dalana, manao maloto an-dalana...) | Ilay mpikambana mivantana |
| *Mpiandraikitra na filoha mampiditra firehana pôlitika amin'ny hetsika ataon'ny sampana na fikambanana | Ny Filoha na Mpiandraikitra voakasika |
| *Mpiandraikitra milaza amin'ny ray aman-dreniny fa manao hetsika skoto nefa tsy manatrika izany akory | Ilay mpiandraikitra |
| *Tsy fialana voly ny Fikambanana fa fanabeazana (fahamatoran' ny zavatra hatao, efa voaomana tsara) | Ilay mpitarika |
| *Tsy fampiasana ny FB ho sehatra fampitam-baovao fa tsy sehatra fifanalam-baraka ifamaliana sy iadian-kevitra Efa misy ny sehatra iatrehana izany (FKF-FIVEK-FKM : filan-kevitry ny mpiandraikitra ...) | Ireo voakasika mivantana |
| *Manao ny fotoam-panabeazana Tily ho toy ny fanofanana miaramila | Ilay mpitarika, ny Filoha mpanome alalana |
| *Filoha – Mpiandraikitra tsy mandray andraikitra amin'ny fihetsika tsy mety ataon'ny mpikambana | Ilay Filoha – ilay Mpiandraikitra |

2.Fahadisoana mitranga ivelan'ny hetsika tanterahin'ny fikambanana

| ZAVA-MITRANGA | TOMPON'ANDRAIKITRA |
|---|---|
| *Fanaovan'ny sampana na fivondronana fitadiavam-bola tsy mitaiza. Ohatra: fivarotana zava-pisotro mahamamo | Komitim-pivondronana, tonia |
| *Fitarihana ny mpikambana manao fanamiana amin'ny hetsika manana endrika politika | Ny mpiandraikitra rehetra |
| *Mpikambana fototra, mpiandraikitra, filoha mamo eny an-dalana ka misy mahita sy mahatsikaritra, na koa mihinana zava-mahadomelina | Ilay mpikambana na mpiandraikitra na filoha manatanteraka izany |
| *Fisandohana vola, fitaovana amin'ny anaran'ny fikambanana | Ilay mpikambana misandoka |
| *3ème mi-temps tsy voafehy(miditra bar, boite de nuit) | Ny mpitarika |
| *Fitondrana ny anaran'ny fikambanana hanaovana fangatahana fanampiana ho an'ny fikambanananefa fihinina ho an'ny tena rehetra ny zavatra azo | Ny vondron'olona manao ny fangatahana: filan-kevitry ny mpiandraikitra na tonia |
| *Filoha na Mpiandraikitra na tonia na beazina manevateva mpitondra fivavahana | Ilay Filoha na Mpiandraikitra na tonia na beazina manevateva |
| *Filoha na mpiandraikitra na tonia mamporisika ny beazina tsy hankato ny mpitondra fivavahana na ny synodam-piangonana | Ny filoha na mpiandraikitra na tonia voakasika |
| *Mpiandraikitra na beazina miteniteny foana mandritra ny hetsika iarahana amin'ny sampana hafa ao amin'ny fiangonana | Mpiandraikitra na beazina voakasika |

## III. Dingana hatao isaky ny trangan-javatra

Ny omby indray mandry hono tsy indray mifoha; ny saonjo iray vala tsy ilaozan'izay amarara.

Ny fandoto iray tandroka tsy mahaleo ny fandio iray siny.

Amin'ny trangan-javatra rehetra, dia ny antanan-tohatra akaiky indrindra amin'ireo voakasiky ny fahadisoana no miantsoroka ny fampiharana ny fitanan-kaja.

Ao amin'ny sampana moa raha misy tarazo na dina (oh: ny dinan'ny sokajy) manokana amin'ny rafitry ny vondrona dia io no ampiasaina.

| Mpikambana voakasika | Rafitra akaiky mitondra ny dinika | Sehatra mivelatra |
|---|---|---|
| Beazina iray na maromaro | Mpiandraikitra | Filan-kevitry ny mpiandraikitra |
| Mpiandraikitra iray na maro | Mpiandraikitra mpiray dia | Filan-kevitry ny mpiandraikitra, tarihin'ny tonia<br>Komitim-pivondronana<br>Komitim-pivondronana sy ny ray aman-dreny<br>Faritany |
| Komitim-pivondronana | | Mpitandrina, biraon'ny komitim-pivondronana |
| Filoha anaty rafitra, na tari-panafanana | Filoha mpiray dia | Filoham-paritany |
| Komitim-paritany | Filohan'ny komitim-paritany | Biraon'ny komitim-paritany |
| Filoham-paritany | Biraon'ny komitim-paritany | Biraon'ny komitim-paritany, mpiandraikitra ny synodam-piangonana |
| Filoha mpiray dia foibe | Filoha foibe | Komity lehibe |
| Filoha foibe | Komity lehibe | Komity lehibe |
| Komity lehibe | Komity lehibe | Izay heveriny fa afaka antsoina hifanampy aminy |

## 1. Dingana arahina

Tsiahivina mandrakariva fa fitaizana sy fanabeazana ny tsirairay no kendrena fa tsy fanasaziana fahatany. Midika izany fa ny famongorana ny hevi-diso, ny anton-javatra, ny fomba na fihetsika manimba ny hajan'ny fikambanana no vokatra tiana ho tratrarina ambonin'ny maha-olona manokana ilay nanao fahadisoana.

Mizara ho efatra ny dingana hanitsiana ny tranga miseho

**i.Dingana voalohany:** Fantarina mazava ny zava-misy

Ialana amin'ny fanendrikendrehana na ny fanosoram-potaka dia ezahina fantarina amin'ny antsipirihany ny zava-mitranga. Azo avy amin'ny olona voakasika mivantana na olona hafa ny vaovao rehetra momba ny zava-misy.
Inona no zava-nitranga? Iza no nahazoana ny vaovao? Misy vavolombelona ve, fotoana manao ahoana no nitrangan'io toe-javatra io? Iza avy no voakasika? Taiza no nitranga?
Araka ny maha-mari-pototra ny zava-nitranga no hakàna ny fanapahan-kevitra hiroso amin'ny dingana manaraka ka anomezana ny fiantsoana an-taratasy ho an'izay voakasika

**ii.Dingana faharoa:** atao ny dinika amin'ny voakasika

Ny ambaratonga akaiky indrindra ireo voakasika no mampiantso ny nahazo ny fanamarihana. Azo zaraina telo ny fotoana. Famerenana ny zava-nitranga, na fanamarinana ny vaovao voaangona tamin'ny dingana voalohany no fanombohan-dresaka. Omena fotoana hilazany ny fomba fijeriny ny nanao ny nahazo ny fanamarihana. Aorian'izay dia atao izay hahatsapan'ny nanao fahadisoana fa tsy nety ny zavatra nataony ary ampahatsiahivina azy fa mitondra ny anaran'ny fikambanana ny tsirairay na ny vondrona amin'izay rehetra atao, ka misy fiantraikany eo amin'ny hajan'ny fikambanana izay zava-mitranga rehetra. Fanitsiana ny tsy tokony hamerenana ny fahadisoana vita intsony kosa no hamaranana ny resaka.
Ampahafantarina ny nanao fahadisoana fa hisy fanjohiana aorian'ny dinika ary azo ferana araka ny tranga ny fe-potoana hanaovana izany.

**iii. Dingana fahatelo:** araha-maso ny fanitsiana natao

Olona iray na maromaro no tendrena hanao ny fanjohiana ny olona voakasika.
Tsy voatery ho ny tompon'andraikitra voalohany ihany no manao io fanaraha-maso io fa mety olona ivelany ihany koa. Araka ny trangan-javatra niseho sy ny fanapahan-kevitra ny faharetan 'ny fanaraha-maso hatao.

**iv. Dingana faha-efatra: andraisana fanapahan-kevitra ny zava-misy araka ny vokatry ny fanaraha-maso**

Aorian'ny fe-potoana napetraka hanaovana fanaraha-maso dia fintinina ny zava-nitranga na nisy fihatsarana na tsia.
Dinika milaza ny fanapahan-kevitra noraisina kosa no hatao raha tsy nisy fivoarana na nisy fihemorana tamin'ny zava-nitranga. Eto no hisian'ny fanapahan-kevitra momba ny fampiatoana azy amin'ny fotoana voafetra na fampijanonana azy tanteraka amin'ny andraikitra sahaniny neto anivon'ny fikambanana. Ilaina ny mirakitra an-tsoratra izay fanapahan-kevitra noraisina.
Ny fanapahan-kevitra noraisina dia ampitaina amin'ny sehatra ambony kokoa. Ohatra: raha misy fampiatoana mpiandraikitra nataon'ny komitim-pivondronana dia ilaina ny mampahafantatra ny f aritany (izay nanao sonia fangatahana andraikitra) ny fanapahan-kevitra noraisina.
Ny eo anivon'ny faritany, dia hampahafantatra an-tsoratra ny zava-nisy amin'ny foibe ary ny foibe hampahalala ny komity lehibe.

Amin'ny fampiatoana amin'ny andraikitra, dia ny rafitra antanantohatra ambony kokoa no mamerina ny olona iray amin'ny andraikiny teo aloha.
Ohatra: ny faritany no manao filazana indray ny famerenana mpiandraikitra iray naato.

## 2. Fanapahan-kevitra

Aravona ao anatin'ny fafana manaraka ity dingana fanapahan-kevitra araka ny zava-mitranga

| Fanitsiana hatao | Fanazavana |
|---|---|
| Dinika fitanan-kaja | Midika ihany koa ho fampitandremana voalohany ho an'izay rehetra manao fahadisoana manohintohina ny fiainam-pikambanana |
| Fampitandremana | Fahitana amin'ny fanjohiana fa tsy narahana ny voalaza tamin'ny dinika fitanan-kaja |
| Fampiatoana | Fanaovana hosoka na halatra na fanodikodinam-bola, vava ratsy atao |

Ireto avy no tokony ho voafaritra ao anaty fitsipika anaty mba hahamatotra ny fampiharna ny fitanan-kaja:

**Faritana ny hoe rafitra fitanan-kaja eo anivon'ny fivondronana ka hamaliana ireto fanontaniana ireto:**
-Iza ireo mpikambana ao?
-Fidina sa tendrena ireo mpikambana ireo?
-Ahazoana manapa-kevitra: antsasamanila?
-Faharetan'ny fotoana iasan'io rafitra io?
-Fotoana inona no iantsoana ny fivorian'ny rafitra?
-Fiantsoana izay nanao fahadisoana

**Atao an-tsoratra ny fiantsoana ka ahitana ireto:**
-Daty sy ora ivorian'ny rafitra
-Anarana, andraikitra, sampan'ny voakasika?
-Anton-javatra iantsoana ny voakasika

**Ferana ny fe-potoana anolorana ny taratasy fiantsoana**
**Atao dika roa mitovy hatrany ny raki-tsoratry ny fivoriana natao. Omena dika mitovy ny drafitra ambony kokoa.**

FEHINY
ENTANINA NY ISAM-BONDRONA (SAMPANA, FIVONDRONANA, FARITANY, FOIBE) MBA HANANGANA NA HANAVAO NY FITSIPIKA ANATY MIFEHY NY AZY FA MANAMPY BETSAKA AMIN'NY FITANDROANA NY HASIN'NY FIKAMBANANA IZANY.

## IV. Fanatsarana miandalana ny fanabeazana

### 1. Fanatsoahana lesoka isaky ny fahavitan'ny taom-panabeazana

Nasongadina fa ny fanabeazana ny tsirairay hiaro ny hajan'ny fikambanana no tiana voizina.
Isaky ny sehatra: sokajy, sampana, fivondronana, faritany dia handray lesona amin'ny zava-mitranga mba ahazoana manatsara hatrany ny fitaizana.
Lohahevitra iray ampidirina hatrany ao amin'ny fanaovana tomban'ezaka io lohahevitra momba ny fitanan-kaja io mba handravonana ny lesona rehetra notsoahina.

### 2. Fampatsiahivana ho an'ny rehetra

Tsara ny mampatsiahy ny mpikambana rehetra fa ny fikambanana no mbola afaka mijoro a nkehitriny dia:

- Ny fanehoana fa Kristy izay Lohan'ny iangonana no lohan'ny Fikambanana
- Ny fihazonan'ireo zoky ny hajany sy ny soa toavin'izany Fikambanana iznay
- Ny fikelezan'ireo aina amin'ny fanatsarana tsy mitsahatra ny zava-bita teo aloha

Tsara ihany koa ny mandresy lahatra ny mpikambana rehetra fa ny fanabeazana atao ankehitriny no taninketsa hamokarana ny:
- Ho mpitondra fivavahana ato anatin'ny 10-20 taona
- Ho manam-pahefana eo amin'ny faritra sy ny firenena
- Ho ray aman-dreny mpitaiza
- Ho mpanabe eto anivon'ny fikambanana na sehatra hafa

### 3. Fanaovana tatitra an-tsoratra

Ny sehatra rehetra dia hampiditra ao anaty fanaovana tatitra isan-taona ny lohahevitra mahakasika ny fampiharana ny fitanan-kaja. Ny fehin-kevitra mivoitra dia hanatsoahana lesona ho an'ny daholobe amin'ny taom-panabeazana manaraka.

Ireto no tokony ho voalaza ao anatin'ny tatitra ho an'ny faritany:

| Fanitsiana hatao | Faritra 1 | Faritra 2 | Faritra 3 | Tambatra | Fanamarihana |
|---|---|---|---|---|---|
| Dinika fitanan-kaja | | | | | |
| Fampitandremana | | | | | |
| Fampiatoana | | | | | |

Ny fanatanterahana ireo dia mitaky fanatsarana eo amin'ny fifandraisana sy ny fifanakalozan'ny samy mpikambana, ny samy mpanabe, ny samy mpitantana ary ny samy mpanohana.

### 4. Fanamafisana ny fanofanana momba ny fifandraisana

Ny tsy fahampian'ny serasera sy ny tsy fifankazahoana matetika no miteraka olana sy fahadisoana mihoa-pefy. Ilaina araka izany ny fanamafisana ny fanolorana olana mahakasika ny fifandraisana, ny fanomezan-danja ny fifanakalozan-kevitra, ny lalao mikasika ny ady hevitra momba ny lohahevitra maromaro mba hampitombo ny fifankahalalana sy ny fifankazahoana am-po. Tsy tokony ho sarotra io raha tena iainana ny FIAINAM-BONDRONA izay iray amin'ny fomba fanabeazana skoto.

## V. VOA MAHATSIAHY

Ireto misy teboka vitsivitsy entina mamohafoha ny ao anatintsika ao:
- Ny skotisma noforonon'i Bipi no atao sy iainan'ny tsirairay ato amin'ny Fikambanana fa tsy zavatra hafa na mangala-tahaka zavatra hafa.
- Toe-tsaina manompo no tokony ananan'ny Tily fa tsy mila tambiny OLOM-PIANGONANA ny Tily. Ny Filoha sy Mpiandraikitra dia mpandray ny fanasan'ny Tompo ao amin'ny Fiangonana misy azy. Amporisihana indrindra mba handray anjara andraikitra hafa ao am-piangonana (mpampianatra sekoly alahady – Diakona – Mpiandry – Katekista ...)
- Mitandro mandrakariva ny fihavanana na inona na inona zava-mitranga iainan'ny Fikambanana
- Tia manao fanamiana ara-dalàna (tsy takonana) ary mendrika rehefa manao izany
- Iainana ny ASA SOA isan'andro ho an'ny mpikambana tsirairay sy ny fanehoana ny firahalahiana.
- Iainana ny TOE-TSAINA TSY VERY MANDEHA ho an'ny rehetra
- Iainana ny TOE-TSAINA VONONA, tsy mifidy fotoana sy toerana ho an'izay mahatsiaro tena ho tena Tily.
- Manaja tsara ny rafitra (Fikambanana, Fiangonana)

# KALITAO

Ao anatin'ny vinan'ny Fikambanana Tily Eto Madagasikara ny hanolotra skotisma kalitao ho an'ny beazina. Izany dia mifaningotra amin'ny paik'ady laharam-pahamehana faha-6 napetraky ny fivoriamben'ny skoto eran-tany tany Ljubljana, Slovenia ny taona 2014 (Mangarahara, mazava ary mahomby ny fitantanana ny fikambanana".

Ho fandrefesana ny kalitao eto anivon'ny skotisma dia nindrana ny Orinasa SGS (Societe Generale de Surveillance SA) ny mpitantana iraisam-pirenena eo anivon'ny OMMS hanangana ity fitaovana iray atao hoe GSAT ity. Nosintonin'ny SGS avy amin'ny "Norme NGO Benchmarking" izay mirakitra ny Norme iraisam-pirenena ho an'ny "Kalitao" any amin'ny Orinasa (mihodidina ny tontolo kalitao ISO 9001).

Mba ho fitoviana dia noraisin'ny OMMS ny GSAT ho voambolana iraisam-pirenena mba hanamora ny fifandraisana samihafa eo anivon'ny samy skoto. Raha adika malalaka amin'ny teny frantsay dia "Outil d'Evaluation du Soutien Global pour un Scoutisme de Qualite" na koa amin'ny teny Malagasy hoe:"Fitaovam-pandrefesana ny Kalitao eo anivon'ny Skotisma".

## TANJONA SY ZAVA-KENDREN'NY GSAT

Ny kendren'ny OMMS raha nanangana ity fitaovam-pandrefesana ity izy, dia ny mba hahafahan 'ny Firenena (OSN) iray mahalala ny fetezana na tsia eo amin'ny fomba fitantanany ankapobeny. Mety sa tsy mety, aiza ho aiza no mila hatsaraina. Izany dia hahatonga azy hizotra any amin'ny tondrozotran'ny kalitao manao hoe "mihatsara hatrany".

Faharoa amin'izay zava-kendrena izay dia ny "fahatokisana" azony avy amin'ny manodidina azy rehetra:"Ny mpikambana, ny Ray aman-dreny, ny Fiaraha-monina, Fiangonana, Firenena, ny mpiara-miombon'antoka samihafa, ny OMMS,..." raha toa manana ilay marika na ny "Certification" momba ny "kalitao".Tsy afaka hihatsara ny Skotisma eo amin'ny Firenena iray raha tsy mahalala ny zava-misy eo aminy aloha. Mety hihevitra izy hoe efa tsara, efa mandroso, manaraka tsara ny tondrozotra avy amin'ny Skotisma iraisam-pirenena, kinanjo hay tena mifanalavitra na mety hifanohitra mihitsy aza.

Napetraka izany ity fitaovana ity hahafantaran'ny Firenena iray ny toerana misy azy, raha oharina amin'ny tokony ho izy (Norme) navoakan'ny mpitarika ny Skotisma maneran-tany. Azon'ny firenena iray atao ny misafidy amin'ireo fizarana 10 ao amin'ny GSAT mba hahafahany manao ny tomban'ezaka, arakaraky ny filany.



# KALITAO

## FIVOARAN'NY GSAT

Ialana tsiny sahady ny fampiasana ny fampiasana voambolana amin'ny teny vahiny izay mety hananosarotra ny fandikana sy fahazoana azy.

Ny GSAT dia manana fizarana 10, izay ahitana teboka 5 hatramin'ny 14 avy:
- Obligations institutionnelles (9)
- Cadre de gouvernance (Statuts, Assemblee Generale et Conseil national) (14)
- Cadre strategique (12)
- Gestion de l'integrite (6)
- Communication, plaidoyer et image publique (9)
- Les adultes dans le scoutisme (13)
- Allocation des ressources et contrôle financier (11)
- Programme des jeunes (8)
- Potentiel de croissance (5)
- Amelioration continue (9)

Misy dika 2 ny GSAT dia ny:

- Dika 1: tamin'ny oktobra 2014 ary misy teboka miisa 91
- Dika 2: tamin'ny mai 2017 izay ahitana teboka miisa 96. Notsindrina ny fisian'ny fizarana 5 manan-daja kokoa, dia ny : Cadre de gouvernance, Cadre strategique, Les adultes dans le scoutisme, Allocation des ressources et contrôle financier, Programme des jeunes

## FAMPIHARANA NY GSAT ETO ANIVON'NY TEM


Ho fampiharana ny tomban'ezaka kalitao eto anivon'ny TEM, dia nolalaovintsika ary mbola ho tohizana ny fampiasana ny loko kalitao ho an'ny beazina, Mpiandraikitra, Fivondronana, Faritany, Foibe ary ny hetsika isan-karazany.

Raha mahafeno 75% hatramin'ny 100%:
TENA TSARA_LOKO MAITSO

Raha mahafeno 50% hatramin'ny 75%:
TSARA_LOKO MAVO

Raha mahafeno 25% hatramin'ny 50%:
ANTONONY_LOKO VOLOMBOASARY

Raha mahafeno 0% hatramin'ny 25%:
MILA EZAKA_LOKO MENA



## Vina kalitao 2018-2021: Fampiharana ny toe-tsaina KALITAO TILY

**Beazina manana kalitao – TEBOKA 8**

BEA001 - Mazoto mivory sy mamonjy ny hetsika iraisana (Fanamarinam-pahatongavana)
BEA002 - Manao fanamiana ara-dalàna foana (Marihan'ny mpiandraikitra amin'ny kahie ny fetezana na tsia eo amin'ny lafiny fanamiana raha toa misy, ohatra : DATY 01 desambra 2018 : Adino ny fehikibo)
BEA003 – Mitondra baiboly sy fihirana
BEA004 - Manana karatra ara-dalàna (Manana laharana avy amin'ny Foibe TEM)
BEA005- Mitondra namana vaovao
BEA006 – Manaja fotoana
BEA007- Manaja fanompoam-pivavahana
BEA008 – Mampiasa fitaovam-panabeazana (Ohatra: carnet du louveteau, Antsaha, ...)

**Mpiandraikitra manana kalitao – TEBOKA 11**

MP001 - Mazoto mivory sy mamonjy ny hetsika iraisana (Fanamarinam-pahatongavana)
MP002 - Manana karatra (Manana laharana avy amin'ny Foibe TEM)
MP003 – Mazoto miofana, mizotra ara-dalàna izany
MP004 – Manana kahie A B D E F (Manana jinja vokatra feno ara-dalàna)
MP005 – Mampiasa boky firaketana
MP006 – Mampiasa fitaovam-panabezana (kesika)
MP007 – Mpianatra ho mpanatona na Mpandray
MP008 – Manana fandaharana ara dalàna tsara, nandalo ny rafitra rehetra (Tonia, KP, Filoha)
MP009 – Manana fisy teknika amin'ny fivoriana atao rehetra
MP010 – Mandefa tatitra ara-dalàna any amin'ny Filoha misahana azy
MP011 – Mampiaina ny ambaratonga sy talenta

**Fivondronana manana kalitao- TEBOKA 12**


FIV 001 - Fivondronana mitsangana ara-dalàna, voatokana sy voasoratra ao amin'ny bokin'ny Faritany
FIV 002 - Fivondronana manome TATITRA ny Faritany TEM isaky ny tapitra ny taom-panabeazana
FIV 003 - Fivondronana mandray anjara amin'ny HETSIKA karakarain'ny Faritany TEM (fiofanan'ny KP, ...)
FIV 004 - Ny Bokim-bolan'ny Fivondronana dia nandalo sy voajerin'ny KP (Dika mitovy Faritany)
FIV 005 - Manome ny isan'ny mpikambana rehetra ao aminy any amin'ny Faritany isan-taona
FIV 006 - Manara-maso akaiky ny momba ny fiantohana ny mpikambana
FIV 007 - Fivondronana mandoa CIBLE ara-dalàna
FIV 008 - Ny Fivondronana TEM dia manosika ny mpiandraikitra ho amin'ny fiofanana arakaraky ny andraikiny sy fahaiza-manaony, ary ny traik'efa. Ny fiofanana rehetra dia tokony ho voarakitra anaty JINJA VOKATRA (A B D E F)
FIV 009 - Manana fandaharam-panabeazana, voajery sy eken'ny Rafitra (Tonia, KP, Filoha, ... )
FIV 010 - Mampiasa Boky FIRAKETANA ny mpiandraikitra Tily
FIV 011 - Manao tomban'ezaka isan-taona ho an'ireo mpikambana ao aminy. Jerena ao anatin'izany ny vokatra vitany niohatra tamin'izay nandrasana
FIV 012 - Ny Fivondronana TEM dia manana tetika ampiakarana ny isan'ny mpikambana, ka mampiasa teknikam-pifandraisana samihafa (site internet, prospectus, publipostage ,... )

**Filoha manana kalitao- TEBOKA 11**

FL001 - Mazoto mivory sy mamonjy ny hetsika iraisana (Fanamarinam-pahatongavana)
FL002 - Manana karatra (Manana laharana avy amin'ny Foibe TEM)
FL003 – Mazoto miofana, mizotra ara-dalàna izany
FL004 – Manana kahie fanaraha-maso ny fivondronana iandraiketany
FL005 – Manana fifanarahana voasonia ara-dalàna (contrat)
FL006 – Nanao sonia ny fitsipika fifampifehezana eo amin'ny mpiray dia
FL007 – Manana fisin'andraikitra mazava
FL008 – Nahatratra ny mari-drefy napetraka taminy amin'ny fotoana voatondro (tanjona napetraka amin'ny maha filoha azy)
FL009 – Manana andraikitra hafa ao am-piangonana
FL010 – Mandoa sosialy (fifampitondrana eo amin'ny faritany), manatanteraka sosialy
FL011 – Manana fitondran-tena mendrika




## FANOKAFANA TETIKASA - PROJET- EO AMIN'NY FARITANY TILY



## FANOKAFANA TETIKASA - PROJET- EO AMIN'NY FARITANY TILY

### 1. Fampidirana :

Hita tato anatin'ny taona vitsivitsy izay ny fahamaroan'ireo Faritany Tily manokatra sy manana tetik'asa sy fandaharan'asa eo amin'ny sehatra maro samy hafa. Ilaina tokoa izany mba ho fampivelarana ny fikambanana ary fanehoana eo amin'ny fiaraha-monina sy ny mpiara-miombon'antoka fa mahatoky ny Tily ary manana ny fahaiza-manao eo amin'ny fanatanterahana izany tetikasa na fandaharanasa izany.

Na izany aza, mba ho fanatsarana ny fomba fiasa, « KALITAO », mba hitoviana eo amin'ny Faritany rehetra ny amin'ny làlana arahina raha hanokatra na hangataka tetikasa sy fandaharanasa ary araka ny soso-kevitra niainga avy amin'ny DFF week 2019, dia novolavolaina izao drafi-pandaminana kely izao ho toro-làlana iraisana.

### 2. Tanjona :

Faritany Tily manana tetikasa sy fandaharanasa enti-mampivoatra ny fikambanana

### 3. Zava-kendrena:

Ny fikambanana dia manana drafi-pandaminana iraisana eo amin'ny fikarohana, fikatsahana, fangatahana tetikasa eo anivon'ny sehatra maro samy hafa

Ny fikambanana dia mahafantatra tsara ny andraikitry ny rafitra mifandraika mivantana amin'ny tetikasa sy fandaharanasa: Foibe, DFF Foibe, Faritany, DFF Faritany

Ny fikambanana dia manaja ireo anjara andraikitra napetraka hoan'ny tsirairay

### 4. Drafi-pandaminana sy ny andrikitry ny tsirairay:

Misy rafitra efatra (04) no voakasika mivantana ao anatin'ny sehatra tetikasa sy fandaharan'asa eo anivon'ny fikambanana: ny Foibe (FFB), ny Departemanta Fitantanana sy Fampandrosoana Foibe (DFF Foibe), ny Faritany (FP), ny Departemanta Fitantanana sy Fampandrosoana Faritany (DFF Faritany). Ireo rafitra efatra ireo dia samy manana ny Filoha mpitarika azy nefa mifampiankina amin'ny asa atao sy ny fanatanterahana izany.
Ity drafi-pandaminana fohy ity, dia misahana indrindra ny làlana izorana raha hangataka hanokatra tetikasa na fandaharanasa lehibe ny Faritany Tily iray. Ity ihany koa dia milaza ireo fepetra arahina ny amin'ny fanatanterahana ilay tetikasa: fanarahan-dalàna, fanaovana tatitra, fanaraha-maso, toro-hevitra, ...

Mizara roa lehibe ity drafitra ity: eo andaniny, ny tetikasa latsaky ny Ar 2.000.000 izay tsy mila ny fankatoavana avy any amin'ny Foibe, etsy ankilany ny tetikasa mihoatra ny Ar 2.000.000 izay mila ny fankatoavana avy amin'ny Foibe sady mety ahitana ihany koa ireo fiaraha-miasa amin'ny mpiara-miombon'antoka avy amin'ny faritra manodidina sy ny sehatra iraisam-pirenena.

## FANOKAFANA TETIKASA - PROJET- EO AMIN'NY FARITANY TILY

### a. Tetikasa latsaky ny Ar 2.000.000:

Ny tsara ho fantatra voalohany, dia tsy ilaina ny fangatahana fankatoavana avy amin'ny Foibe. Ny Faritany ihany dia afaka manatanteraka izany raha toa ka tsy nisy ny fanamarihana avy amin'ny DFF Faritany.

Ny filoham-paritany (FP) no miantoka sy manara-maso ny fanatanterahana antsakany sy andavany ny asa rehetra tanterahina. Izy ihany koa no manamarina farany "approbation" ireo fandaniam-bola rehetra lany tamin'ny tetikasa ary manolotra sy mandefa ny tatitra rehetra (ara-bola sy arak'asa) eo anivon'ny tomponandraikitra tandrify azy tsirairay.
Amin'ny maha-solon-tenan'ny Foibe azy eo anivon'ny Faritany, dia ny Filoham-paritany no afaka manao sonia ny taratasy fiaraha-miasa sy ny famatsiam-bola raha ilaina izany.
Azo ekena ihany koa ny komitim-paritany raha toa ka tetik'asa iraisan'ny Mpanazava sy ny Tily ilay hotanterahina, tahaka ilay tetikasa tao Analamanga Afovoany

Ny DFF Faritany, miaraka amin'izay manana traik'efa sy fahalalana amin'ny famolavolana sy fandrafetana tetikasa no tokony ho tompo-teny farany amin'ny tetikasa iray atao. Ilaina arak'izany ny fandinihana akaiky ireo andinindininy voalaza ao amin'ireo antontan-taratasy ho soniavina mba tsy hisy ny zavatra hanahirana eo ampanatanterahana izany. Raha sendra ny mampisalasala, dia afaka atao hatrany ny maka ny hevitra avy amin'ny Foibe.

Ny DFF Faritany no mitarika "lead", fa ny faritany kosa no miaraka manatanteraka izany. Ilaina noho izany ny fandaminana ara-potoana eo amin'ny lafiny sehatra maro samy hafa mba hifandrindra sy hifandamina ny asa atao : eo anivon'ny faritany, fitandremana, Sampana, .....
Raha sendra ka mifandray amin'ny faritany Tily hafa na vondrona hafa ilay tetik'asa na fandaharanasa dia tsara ny mifanantona amin'ireo tompon'andraikitra mifandraika amin'izany (ohatra: fivoriana iarahan'ny FP sy ny DFF Faritany amin'ireo faritany izay iantefan'ilay tetikasa)

Ny vanimpotoana hanaovana tatitra dia mety hiovaova arakaraka ny mpiara-miombon'antoka sy ny mpamatsy vola, fa na izany aza dia misy ireo vanim-potoana iraisana: isan-telovolana, isaky ny enimbolana, isaky ny faran'ny taona.
Ny fanarahana ireo lalàna sy fitsipika mifehy ny fomba fampiasana vola ao anatin'ny tetikasa no anisany mahasarotiny ny mpamatsy vola. Ilaina araka izany ny fanarahana ireo fepetra takiana amin'izany. Ny taratasy fanamarinam-pandaniana "pièces justificatives" sy ny antontan-taratasy "dossiers" rehetra dia tokony manana dika mitovy iray ny DFF Faritany ary mitahiry izany ao anatin'ny FOLO (10) taona. Ny mpamatsy vola na izay mpiaramiombonantoka no andefasana ireo taratasy fanamarinam-pandaniana original.

### b. Tetikasa mihoatra ny Ar 2.000.000; sehatra regional/ international

#### i. Tetikasa mihoatra ny Ar 2.000.000: national

Eto dia mihamitombo ny vesatry ny andraikitra sy ny asa ho sahanina, satria arakaraky nyfitombon'ny vola ho sahanina no mampitombo ihany koa ireo fepetra sy fitsipika tsy maintsy arahina raha hanatanteraka tetikasa.

## FANOKAFANA TETIKASA - PROJET- EO AMIN'NY FARITANY TILY

Ny sehatra national, izany hoe ireo mpiara-miombon'antoka misy eto amin'ny firenena Malagasy. Ny Faritany Tily tsirairay dia mety ho samy manana ny fifandraisany manokana amin'ireo mpiara-miasa sy mpiara-miombon'antoka aminy. Tsy ferana izany ary ampirisihana tokoa, saingy ho fampitoviana ny Faritany rehetra, dia tsy maintsy mampahafantatra ny Foibe ny Faritany Tily izay manomana tetikasa mihoatra ny Ar 2.000.000. Angamba mety ilaina mihintsy aza ny fankatoavana sy fahazoan-dàlana raha toa ka mihamitombo hatrany ilay vola ho tantanana sy tetikasa hotanterahina.

Ilaina ampiarahina amin'ny taratasy fampahafantarana alefa any amin'ny Foibe ireo andinindininy rehetra mikasika ny tetikasa "document de projet", izany dia ahafahan'ny Foibe milaza ny fomba fahitany izay voarakitra ao anaty tetikasa. Ezahina ny ahazoan'ny Faritany Tily dom-berina ao anatin'ny 72 ora aorian'ny nandraisana ny taratasy fampandrenesana. Ireto avy no ho dinihan'ny Foibe ao anatin'izany antontan-taratasy izany: ny andraikitry sy anjara asan'ny fikambanana, ny tetikasa atao, ny fe-potoana, ny tombotsoa mivantana na ankolaka, ny fitsipika sy lalàna tsy maintsy arahina, ny toeran'ny fikambanana ao anatin'ilay tetikasa, ...

Rehefa nahazo dom-berina miabo "avis favorable" avy amin'ny Foibe ny tetikasa iray dia afaka mizotra avy hatrany amin'ny fanatanterahana sonia sy ny tetikasa ny Faritany Tily. Mitovy amin'ilay fanatanterahana tetikasa teo ambony. Raha tsy izany kosa "sous réserve", dia mety hisy ny fangatahana fanazavana misimisy kokoa mikasika ireo sehatra mety hanahirana na mety hisy fiantraikany eo amin'ny fikambanana. Izany dia atao mba hitandrovana ny hasin'ny fikambanana eo anivon'ny mpiaramiombon'antoka sy ny mpamatsy vola.

### ii. Tetikasa mihoatra ny Ar 2.000.000: regional/ international

Ny fifandraisana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena dia ilaina fifampidinihana sy fiarahamiasa akaiky amin'ny Foibe ny famolavolana azy. Efa misy rafitra napetraka hifanampy antsika amin'izany ihany koa ato anatin'ny Foibe, koa tsy maintsy mandalo aty amin'ny Foibe avokoa ireo Faritany Tily rehetra manana tetikasa sy fandaharanasa kendreny hatao eo anivon'ny sehatra iraisampirenena

### 5. Fanamarihana

Ny DFF Foibe dia afaka manara-maso amin'ny fotoana tsy ampoizina ny fomba fanatanterahana ny tetikasa misy eo amin'ny Faritany Tily, noho izany dia ilaina ny fampahafantarana ataon'ny Faritany ireo tetikasa rehetra misy eo aminy.

Ny DFF Foibe dia tsy miditra amin'ny fitantanana ny tetik'asa eo anivon'ny Faritany fa mijanona ho mpanara-maso sy mpanoro hevitra fotsiny ihany

Raha sanatria ka hita fa tsy manara-dalàna na tsy manaraka ireo fepetra takian'ny mpiara-miombon'antoka ilay fanatanterahana ny tetikasa dia misy fepetra tsy maintsy raisin'ny Foibe

## FIJERY MANOLOANA TRANGA IRAY




## IRAKA/MISSIONS

Misoroka sy mitantantana ny fifanolanana araky ny Lalàna / Prévention et gestion du contentieux juridique

## TANJONA

- Tsy hisian'ny fandikan-dalàna ataon'ny fikambanana amin'ny hetsika rehetra izay ataony
- Tsy hahavoasazy ara-panjakana ny fikambanana, ny Mpikambana na ny Tompon'andraikitra
- Hahatomombana ny fikarakarana ny mpikambana tra-doza nandritra ny hetsika nataon'ny fikambanana ;
- Hananan'ny fikambanana solon-tena raha misy olana ara-panjakana, fandika-dalana, raharaha amin'ny fitsarana

## MOMBA NY ANDRAIKITRY NY TSIRAIRAY (RESPONSABILITE)

- Rehefa mitarika hetsika iray ianao na mitondra beazina mivoaka dia tompon'andraikitra avy hatrany amin'izay zavatra mitranga mandritran'io fotoana io. Noho izany dia, tokony ho mailo avoko ny tompon'andraikitra rehetra ka hanao ny andraikiny ho zava-dehibe sy manan-danja.
- Fadio ny manao tandrevaka amin'ny fanatanterahana ny hetsika izay atao
- Ny andininy faha 204 amin'ny Lalàna laharana faha 66-003 momba ny « Théorie Générale des obligations » dia manambara mazava fa ny tsirairay dia tompon'andraikitra amin'ny fahavoazana misy na mitranga vokatr'izay nataony na dia tsy nahy izany na vokatry ny tandrevaka aza

## IREO ANDININ-DALANA MOMBA NY ANDRAIKITRY NY TSIRAIRAY

(RESPONSABILITE) Loi n° 66-003 du 2 juillet 1966 relative à LA THEORIE GENERALE DES OBLIGATIONS

Art. 204 - Chacun est responsable du dommage causé par sa faute, même de négligence ou d'imprudence.
Art. 206 - Toute personne qui, pour son fait, par les animaux ou les choses dont elle a la garde, cause la mort ou porte atteinte à l'intégrité physique d'une autre personne, occasionne un dommage aux animaux et aux choses appartenant à autrui, doit réparer le préjudice causé.
Art. 225 - Le tuteur, le parent ou la personne à qui l'enfant mineur est confié, à titre durable, pour être élevé, répond des dommages causés par celui-ci, dans les mêmes conditions que le père ou la mère qui cessent en ce cas d'en être responsables.

## Loi n° 66-003 du 2 juillet 1966 relative à LA THEORIE GENERALE DES OBLIGATIONS

Art. 226 - La réparation du dommage causé par l'enfant fréquentant un établissement scolaire ou confié à un instituteur tenant classe, et durant le temps où l'enfant est sous son autorité, est à la charge de l'établissement ou de l'instituteur.

Cette autorité s'exerce pendant la scolarité ainsi qu'au cours de toute activité organisée par l'établissement ou l'instituteur et à laquelle prend part l'enfant

.

Le recours de l'établissement ou l'instituteur contre les personnes responsables de l'enfant aux termes des articles 222, 224 et 225 n'est possible qu'en cas de faute lourde ou de dol de ces dernières.

## MOMBA NY FIKASIHAN-TANANA NA FANDRATRANA

### A-FANATANTERAHANA TARAZO

**Fampanaovana Fanekena Tily :**

Iarahan'ny rehetra manaiky fa maro ny fomba entintsika manatanteraka fampanaovana Fanekena Tily ny Beazina. Maro ny karazana tranga misy eny anivon'ny Faritany, Faritra, Fivondronana, Sampana iray mandrindritra ny fampanaovana ny Fanekena Tily izay matetika mifanohitra amin'ny Lalàna velona satria misy beazina maratra mafy aorian'io fotoana io.

Ny mandratra zanakolona dia tsy ao anatin'ny kolo-tsaina scoutisme ary raran'ny lalàna sy sazian'ny FEHEZAN-DALANA FAMAIZANA ny tompon'andraikitra amin'izany arak'izay voalaza ao amin'ny Andininy faha 309 sy 311 ny FEHEZAN-DALANA FAMAIZANA.

### B-FAMPIAKARANA na ny FITOHIZAN-TSAMPANA

**ZAVA-MISY: Fidarofana beazina ampiakarina**

Mialohan'ny Fampiakarana: Matetika dia ahitana ilay antsointsika hoe SEDRA eto amin'ity fotoana ity. Izany hoe sedraina aloha ny beazina alohany hampiakarana azy. Matetika dia ahitana beazina maratra ahorian'izany

Mandritran'ny Fampiakarana: Eto indray dia matetika sedraina ilay beazina satria efa tsy ho tary iray intsony. Vokatr'izany dia maro ny beazina maratra hiany koa,

Ahorian'ny fampiakarana: Eto indray dia izao, rehefa tonga ao anatin'ilay vondrona ilay tary vaovao dia misy indray koa ilay hoe fandraisana na fampidirana. Ity tranga ity anefa dia matetika ahitana fikasihan-tanana ka miteraka faharatrana.

### D-FANOMEZANA SOLON'ANARANA

**ZAVA-MISY: Faharatrana ara-batana**

Mitovy amin'izay voalaza etsy ambony hiany koa no ambarantsika amin'ity fanomezana solon'anarana ity. Tsy azo atao ny manao fandratrana izay mitarika fahavoazana ara-batana sy ara-tsaina ny olona hanaovana izany. Sanatria ka raha misy na mitranga izany dia io voalazan'ny Andininy faha 309 sy 311 ny FEHEZAN-DALANA FAMAIZANA no mikarakara ny amin'izany

## CODE PENAL SECTION I

### Blessures et coups volontaires non qualifiés meurtre, et autres crimes et délits volontaires[

Art. 309 - Tout individu qui, volontairement, aura fait des blessures ou porté des coups, ou commis toute autre violence ou voie de fait, s'il est résulté de ces sortes de violences une maladie ou une incapacité de travail personnel pendant plus de vingt jours, sera puni d'un emprisonnement de deux à cinq ans et d'une amende de 100 000 Ariary à 600 000 Ariary.

Quand les violences ci-dessus exprimées auront été suivies de mutilation, amputation ou privation de l'usage d'un membre, cécité, perte d'un œil, ou autres infirmités, le coupable sera puni d'un emprisonnement de cinq à dix ans.

Si les coups ou les blessures faites volontairement, mais sans intention de donner la mort, l'ont pourtant occasionnée, le coupable sera puni de la peine des travaux forcés à temps.

## CODE PENAL

Art. 311 - Lorsque les blessures ou les coups, ou autres violences ou voies de fait, n'auront occasionné aucune maladie ou incapacité de travail personnel de l'espèce mentionnée en l'article 309, le coupable sera puni d'un emprisonnement de six jours à deux ans et d'une amende de 100 000 Ariary à 540 000 Ariary, ou de l'une de ces deux peines seulement.

S'il y a eu préméditation ou guet-apens, l'emprisonnement sera de deux ans à cinq ans et l'amende de 100 000 Ariary à 900 000 Ariary

# **VATA** (Vakoka sy Tantara)

## TANJONA

- Fanorenana ny VATA isam-paritany
- Hanangona ny tantara avy amin'ireo zoky (Tamboho)
- Lavitr'ezaka : fanganana "musée" skoto mitahiry ny vakoka sy tantara

## TAMBOHO

Ny "Tamboho" dia fefy hiarovana ny tanana.

"SOA FA TEO ISE"

Tsy ho ela dia hanamarika ny faha zato taonan'ny Fikambanana Tily Eto Madagasikara .
Natao ny TAMBOHO mba hanantonantsika ireo zoky nitazona andraikitra teto anivon'ny fikambanana nandritra izay fotoana izay mba hizarana ny mamy sy ifametrahana hafatra ho an'ny zandry aty aoriana hitazomana ny soatoavin'ny fanabeazana eto amin'ny Tily Eto Madagasikara.
Hifanakalo sy hifampizara traikefa isika.



# ODK

## Departemanta Olon-Dehibe sy Kalitao

### Ireo EKIPA Mandrafitra ny ODK Foibe 2018-2021

| ANARANA | FIANTSO | LAHARANA FINDAY | MAILAKA |
|---|---|---|---|
| HARISOA Jeannette | NENETTE | 034 66 568 08 | j.harisoa@orange.mg |
| ANDRIAMIHAJA Patrick | PATRICK | 032 07 478 16 /034 01 919 19 | patrickandriamihaja@gmail.com |
| RAKOTONIRAINY Toky Antenaina | SARANA Misetra | 033 11 236 32 / 034 08 545 74 | tokycosto@gmail.com |
| RABARIOELISOA Fy | FY | 032 82 596 11 | fy.rabary@gmail.com |
| RAMANGANIAINA Tsirinirina | SOYMANGA Mientana | 032 02 301 97 / 033 37 778 62 | soybleu@gmail.com |
| RAZAFINDRATSIMBA Julien | VITSIKA Mpitarika | 034 06 916 90 | jirax2@yahoo.fr |
| JINOT Razafimamonjy | JINOT | 034 49 662 31 | jinotrazafimamonjy@yahoo.fr |
| Niry RASAMOELIMIHAMINA | TSOREVO | 34 11 000 30 | manjovycp@gmail.com |

